# ALAHADY 11 APR 2021

**Efesiana 5 :2 : « Ary mandehana amin'ny fitiavana, toy ny nitiavan'i Kristy anareo, dia ny nanolorany ny tenany ho fanatitra sy ho fanavotana amin'Andriamanitra, ho hanitra ankasitrahana, hamonjy antsika »**

Ny hafatra ho antsika Fiangonana ry havana dia ny hoe : **MANDEHANA AMIN'NY FITIAVANA.**

Raha anontaniana isika izao, hoe : « ianao ve efa mandeha amin'ny fitiavana » ? 100% milaza hoe : « Eny ». Raha anontaniana ianao, hoe : « raha mijery anao ny olona, ka te hianatra an'izany atao hoe fitiavana izany, satria izy mba te handeha amin'ny fitiavana : azonao antoka ve fa fakan-tahaka izany fandehananao amin'ny fitiavana izany ? Fakan-tahaka ve ? ». Ho fampieritreretana ry havana, dia tononina tahaka izao ny hafatra : tsy atao hoe « Mandehana amin'ny fitiavana » ; tsy izay no itondrantsika azy an, fa hoe : **FITIAVAN'NY OLOM-BOAVONJY VE NY FITIAVANAO ?** Ianao milaza tia io : **FITIAVAN'NY OLOM-BOAVONJY VE IZANY FITIAVANAO IZANY ?**

Raha jerena ny hafatry ny Apostoly Paoly an, Ok : *« Mandehana amin'ny fitiavana »*. Fa io, tsy ho manao izay danin'ny saina, fa *« mandehana amin'ny fitiavana, toy ny nitiavan'i Kristy anareo »*. Izay izany : ilay référence, ilay modely : izay nataon'i Kristy, *« dia ny nanolorany ny tenany ho fanatitra sy ho fanavotana amin'Andriamanitra, ho hanitra ankasitrahana, hamonjy antsika ».* Kristy tia ; ary ny tanjon'ilay fitiavany : ny hamonjy ahy sy ny hamonjy anao. Ka raha te hilaza ianao fa hoe tia na mandeha amin'ny fitiavana, tsy possible ry havana ô, tsy ho fitiavan'ny olom-boavonjy izany. Ny olona mahatsiaro voavonjy ihany no afaka hitia an'Andriamanitra, hitia an'i Jesoa, hitia namana, hitia vady aman-janaka ; ny olom-boavonjy ihany. Izay ihany. Ary izay no anontaniana anao amin'izao maraina izao, hoe : **FITIAVAN'NY OLOM-BOAVONJY VE NY FITIAVANAO ?**

Ahoana izany fitiavan'ny olom-boavonjy izany ?

**Fahamarinana 1 : VOAVONJY IZY TAMIN'NY FAHAFATESANA TAMBIN'NY OTA**

Novonjen'i Jesoa izy tamin'ny fahafatesana tambin'ny ota. Izay aloa ilay famonjena. Fa ny adinonay Pasitera, dia manjary tsy mahay ianareo, adinonay ny milaza hoe : voavonjy tamin'ny fahafatesana isika tambin'ny ota ; fa iny famonjena iny dia mitondra en même temps fanavaozana antsika. Ary iny fanavaozana iny : manafaka antsika amin'ny herin'ny fahotana.

Voavonjy amin'ny fahafatesana izay nahazo ahy, satria mpanota ; fa avaozin'Andriamanitra aho, dia hoe ilay fanavaozany iny manafaka ahy amin'ny herin'ny fahotana. Dia faly aho midera an'Andriamanitra, satria hoe ny vidin'izany famonjena izany dia ilay rà nalatsaka teo amin'ny hazo fijaliana. Dia midera Azy aho, tena mankalaza Azy aho noho io rà io. Ary midera Azy aho, mankalaza Azy aho : nomeny hery aho handavana ny fahotana. Izaho anie tsy hahatohitra an'io e. Izany no maha ohatran'izao ny fiainam-piangonana ry havana ; fa adinontsika hoe efa navaozina isika, efa olom-baovao isika : afkaa amin'ny fanandevozan'ny fahotana. Izay izany ny vaovao mahafaly. Izay ny vaovao mahafaly : voavonjy aho, voavonjy aho.

Ary ahatanteraka izany famonjena izany : Kristy tsy maintsy nanolotra ny tenany. Tsy nanolotra ny fanahiny Izy ; nanolotra ny tenany Izy teo amin'ny hazo fijaliana. Izany ny dikan'io rà io. Misy tena nandeha rà teo, ary io rà io dia midika hoe tena maty Izy ary nitsangana tamin'ny maty Izy anatanterahana an'izany fanamarinana ahy sy ianao izany.

Izay ry havana ô, izay fahatsiarovan-tena hoe voavonjy izay, no mahatonga ahy andeha amin'ny fitiavana an'Andriamanitra, andeha amin'ny fitiavana an'i Kristy. Fa ianao mpandala fombam-pivavahana io, tsy tia ianao e ! Tia ny fombam-pivavahana ianao, tia ny position-nao ao amin'ny Fiangonanao

ianao, fa tsy tia an'Andriamanitra ianao, tsy tia an'i Jesosy ianao.

**Misaotra ny Tompo ny amin'ny ampatsiahivany antsika izany fahamarinana volamena izany. Ary ny amin'ny famonjena :**

- **Voavonjy aho amin'ny fahafatesana tambin'ny ota**
- **Voavonjy aho amin'ny herin'ny fahotana. Tsy manan-kery amiko intsony ny fahotana**
- **Ary voavonjy aho satria triatra ilay efitra lamba : mivoha indray ho ahy ny varavaran'ny lanitra**

**Dia ny teny mipololotra avy ao am-po, hoe : « Tena midera Anao aho, mankalaza Anao Andriamanitra ô, noho ny famonjena izay nataonao tao amin'i Jesoa Kristy ».**

Ny <u>**Fahamarinana manaraka**</u> izany dia izao : **INONA NO ANDRASANAO AMIKO JESOA** ? Novonjenao aho, notiavinao aho ; inona no andrasanao amiko satria tsy tiako ho votsitra ny famonjena, tsy tiako hikatona indray ho ahy ny lanitra ? Inona ary no andrasanao amiko, satria ny anjaranao efa vita, ny ahy indray izao.

Mazava ry havana ny modely apetrak'i Jesoa. Andao ange averintsika vakiana ilay **and.2** amin'ilay **Efesiana** teo e **: « Ary mandehana amin'ny fitiavana, toy ny nitiavan'i Kristy anareo, dia ny nanolorany ny tenany ho fanatitra sy ho fanavotana amin'Andriamanitra ».** Inona no nataon'i Jesoa raha nitia antsika Izy ? Nanolotra ny tenany.

Dia mety ahoana ary ny zavatra andrasan'Andriamanitra amintsika ? **TIANY KOA ISIKA MBA HANOLOTRA NY TENANTSIKA.**

Ny Apostoly Paoly manoratra ato amin'ny **Efesiana ;** ny Apostoly Paoly mbola manoratra ao amin'ny **Romana 12,** teny malaza be, **Romana 12 :1 :** *« Koa amin'izany mangataka aminareo aho, ry rahalahy, noho ny famindram-pon'Andriamanitra, mba hatolotrareo ny tenanareo ho fanatitra velona, masina, sitrak'Andriamanitra, dia fanompoam-panahy mety hataonareo*

*izany ».* Manan-karena be ilay texte, sao dia very ilay hevitra ; fa hoy ny Apostoly Paoly hoe : « Atolory ny tenanareo ho fanatitra velona ». Tahaka ny nanoloran'i Kristy antsika ny tenany, ho fanavotana antsika, ho fanatitra ho fanavotana antsika, izay ilay Fahamarinana 1 teo, ny **Fahamarinana 2**, raha azonao izany ; fa raha tsy azonao izany, tsy concerné amin'ity Fahamarinana 2 ity ianao ; raha azonao izany : mangataka aminao aho, hoy ny Apostoly Paoly, mba hatolory koa ny tenanao ho fanatitra velona. **ATOLORY NY TENANAO HO FANATITRA HO AN'I JESOA.** Izay ilay izy ry havana.

Izy tsy miteny hoe, eto amin'ny **Efesiana 5 :2** sy **Romana 12 :1 ;** tsy miteny izy hoe : « atolory Ahy ny fanahinao », tsy miteny izy hoe : « atolory Ahy ny fonao », tsy miteny izy hoe : « atolory Ahy ny volanao » ; tsy izany ny resaka androany. « ATOLORY AHY NY TENANAO ». Izany ilay teny androany ry havana. « ATOLORY AHY NY TENANAO ».

Andao ary tetezintsika vitsivitsy ry havana, fampiarana fohy an'izany hoe : ahoana izany fanolorako ny tenako ho an'i Jesoa izany ?

- **Romana 6 :12.** Jesoa ry havana, araka ny nankalazaina tamin'ny louange teo : Mpanjaka, Mpanjakan'ny mpanjaka. Izaho, ianao : ataovy ao an-tsainao fa taranaka Mpanjaka ianao, taranaky ny Mpanjaka avo razana indrindra ianao, na iza ianao na iza. Ity ny hafatra ho anao izay manolotra ny tenanao ho an'i Kristy : **Romana 6 :12 :** *« Koa aza avela ny ota hanjaka amin'ny tenanareo mety maty hanarahanareo ny filany ».* Resaka tena io. **Ny olona manolo-tena ho an'i Jesoa ry havana, dia tena hoe combat, ady mangotraka ny tsy hamela ny fahotana, tsy avelako hanjaka amin'ny tenako ny fahotana.** Izany no anehoako fa taranaka Mpanjaka aho. Fa rehefa resin'ny fahotana aho, dia andevon'ny fahotana, andevo ambany indrindra aho e, ambany noho ny ambany aho e. Fa taranaky ny Mpanjaka avo razana sy avo indrindra aho, satria tsy avelako ny ota hanjaka amin'ny tenako maty.

Ny tenako hoy aho ny resahina eto ry havana ô, ny tenantsika no resahina eto. Izay, izay ilay fanolorana ny tena. Ary normalement ange, tsy mila voa tsy ary Andriamanitra e. Efa nazavaina tamin'ny Fahamarinana 1 teo, hoe : afaka amin'ny herin' ny fahotana ianao. Afaka amin'ny herin'ny fahotana ianao e. Izany no dikan'ilay famonjena.

- Fa raha ohatra koa ry havana mandinika ahoe ahoana no anolorako ny tenako ho an'i Jesoa ho fanatitra, dia **tandremako ny akanjo atafiko an'io tenako io.** Concret be izany ry havana an. Tsisy morale izany. Tandremako. Izay ny fahamarinana faharoa ; ny anankiray : tsy avelako ny ota hanjaka. Faharoa **: tandremako ny akanjo atafiko an'io tenako io : ataoko fitafin'ny olom-boavonjy, ataoko fitafin'ny olona manantena ny lanitra, ataoko fitafy mety azoko anaovana any an-danitra.**

Raha vehivavy aho, raha tovovavy aho, na tsara bika toa inona aza aho e, tsy hanao akanjo mampitanjaka ny tenako handrehitra filan'ny lehilahy. Avy eo ange rehefa aholana na rehefa kitikitihina dia malaky tafintohina, malaky mitaraina : ianao mandrehitra ko ! ianao mandrehitra. Izany ny olona manolotra ny tenany ho fanatitra e, satria hoe voavonjy ka manantena ny lanitra. Tsisy resaka morale na fahateren-tsaina izany. Ny **Ohabolana 7 :10** dia manao **hoe ialao ny fitafin'ny janga ; ialao ny fitafin'ny mpivaro-tena.** Ialao izany fitafy-na vehivavy janga izany ry havana ô, raha mba mahatsiaro voavonjy ianao ka manantena ny lanitra e. Izay, izay ange ilay izy e.

Ary raha lehilahy indray aho, hajaiko ny maha-lehilahy ahy. Hajaiko ny maha-lehilahy voavonjy ahy. **Tsy hanao fombam-behivavy aho, tsy hanao lava volo aho, tsy hanao mirandram-bolo aho, tsy hikavina aho ; satria lehilahy, tovolahy voavonjy aho.**

Mety nataoko izany tamin'ny andron'ny tsy fahalalana, dia ovaiko ilay izy. Fa rehefa mahazo hafatra aho hoe : « ny fitiavanao ve fitiavan'ny olom-boavonjy ? », dia rebelle ianao

raha mbola tsy manapaka an'io volonao io. Ary jereo sao dia hanao ohatran'ny tamin'ny tantaran'i Esao sy Jakoba. Noana i Esao avy any, dia nangatahin'i Esao voanemba i Jakoba, amidio amiko aloa ny fizokiana. Sao dia io volonao io, ny patalohanao io, mifinjifinjy, manara-pe sy ny karazany io, no karazana voanemba tsy hidiranao any an-danitra. Voanemba tsy hidiranao any an-danitra izany e.

**Aza manao akanjo manara-tena koa mampiseho ny bikanao, mamelona fitsiririitana amin'ny tovovavy namanao.**

Atolory ho an'i Jesoa ny tenanao : **aoka izay io tatouage io.** Teneno Jesoa : ajanoko amin'izay ny tatouage. Andao ange sokafantsika ny **Levitikosy 19 :28** e : *« Aza mitetika ny tenanareo noho ny maty, na manao tombo-kavatsa amin'ny tenanareo : Izaho no Jehovah ».* Fampianaran'i Jehovah, didiny : aoka izay ny tatouage e !

Averina indray : izay natao tamin'ny andron'ny tsy fahalalana hifony ; fa aoka izay ny tatouage.

**Aza avela ota hanjaka amin'ny tenanao mety maty – Tandremo ny tenanao ka tandremo izay atafinao ny tenanao – Aoka izay ny tatouage**.

- Ahoana izany manolotra ny tena izany ? **Atolory ho an'Andriamanitra ny masonao.** Atolory Azy ny masonao. **Joba 31 :1 :** *« Efa nampanekeko ny masoko »*. Tahaka an'i Joba ry havana, teneno Andriamanitra hoe : « Atolotro anao ny masoko ka hanao fanekena Aminao aho amin'ny masoko ; hanao pacte Aminao aho amin'ny masoko, tsy hijery zavatra tsy tokony ho jerena ny masoko ». Ary tsy maninona koa ianao ry havana ô, isika rehetra, manao pacte amin'i Jesoa, satria hoe « atolory Azy ny masonao », andao hanao pacte hoe hahena ny fijerentsika io télé io e, sao dia izay ilay voanemba tsy hidirana any an-danitra ry havana ô, nefa mba efa nisy rà nalatsaka ihany teto amin'ny hazo fijaliana teto

anokafana an'io vavahadin'ny lanitra io.

**Atolory an'Andriamanitra ny sofinao.** Jereo ange ilay **Isaia 50 :4b DIEM :** *« Isa-maraina Izy dia manabe ahy hatrany hihaino araka izay tokony hataon'ny mpianatra ».* Manomboka izao, hoe : « Jesoa an, atolotro anao ny sofiko, izaho rehefa mihaino ny toriteninao, ohatran'ny fihainon'ny mpianatra ». Hoy ny Segond hoe : *« Il éveille chaque matin mon oreille pour que j'écoute à la manière des disciples ».* Aza mihainohaino toriteny fotsiny, aza mihaino fe mihaino toriteny fotsiny : lany andro ianao e. Aleo ho an'olon-kafa ny toerana aty rehefa kamo hihaino toriteny ianao e ! Fa tonga eto ianao : « Ecoute à la manière d'un disciple ». Izany ilay izy ry havana ô. Izany ilay izy : « Ecoute à la manière d'un disciple ».

Ary manaova koa pacte amin'i Jesoa amin'io sofinao io, hoe « aoka aho Jesoa tsy hampandry sofina intsony amin'ny fosafosa ». Izay. Izany ny fitiavan'ny olom-boavonjy izay manantena ny lanitra ry havana ô.

Atao ohatra farany, hoe : miaraka amin'ny molotra. **Atolory Azy koa ny molotrao.** Miverina ao amin'ny **Efesiana** isika. **Efesiana 4 :29 :** *« Aoka tsy haloaky ny vavanareo izay teny maloto, fa izay tsara ho fampandrosoana, araka izay tokony hanaovana, mba hahazoan'ny mihaino fahasoavana ».* Manaova pacte amin'Andriamanitra : « ampio aho Jesoa an, mba hanana molotra sy lela mizara fahasoavana. Ary atomboko ao amin'ny ankohonako izany e. Ampio aho hizara fahasoavana. Ampio aho hanao teny mampandroso : mampandroso ny vadiko, mampandroso ny zanako, mampandroso ny ray aman-dreniko ». Izany ny olona manolotra ny tenany ho fanatitra ho an'Andriamanitra ry havana ô.

Ary arovy ny lela, araka ny tenin'i Jakoba, mba tsy ho lela mpampirehitra afo, satria arehitry ny helo.

Mbola azo tohizana, mbola azo tohizana ry havana ô.

Fa izao : tia anao ny Tompo e, tia anao ; ary noporofoiny teo amin'ny hazo fijaliana izany. Ary dia ankehitriny Izy

manontany anao : **MOA TIA AHY VE IANAO ? Ny olona tia an'i Jesoa ihany no hiditra any an-danitra. ARY RAHA TIA AHY IANAO : FITIAVAN'NY OLOM-BOAVONJY VE NY FITIAVANAO AHY ?**

Ho aminareo ny fahasoavan'ny Tompo. Amena